# Ilay Voa Tsara Nafafy 29 Novambra 2020

**29** **Alahady**
novambra

**... toy ny nitiavan'i Kristy anareo, dia ny nanolorany ny tenany ... hamonjy antsika.** Efesiana 5. 2

**Teo amin'izay nihabeazan'ny ota no nihoaran'ny fahasoavana be lavitra.** Romana 5. 20

## Nitia ahy Ianao, ry Andriamanitro

*Nitia ahy Ianao, ry Andriamanitro,*
*talohan'ny namirapiratan'ny mazava*
*Teo amin'izao tontolo rehetra izao, noforonin'ny feonao,*
*Talohan'ny namohazan'ny masoandro teto ambonin'ny tany*
*Izay rehetra nafafinao tao amin'ny vovoka tsotra nitoeranay.*
*Efa nitia ahy sahady Ianao, ry Andriamanitro !*
*Andriamanitro ô, nitia ahy Ianao !*

*Nitia ahy Ianao, ry Andriamanitro,*
*tamin'ilay androm-pahatezerana*
*Nahafatesan'i Jesosy teo amin'ny hazofijaliana noho ny fahotako.*
*Ho ahy no nanolorany ny tenany, mba hanaisotra ny fahantrako,*
*Ary ny famelan-keloka nomeny no nanafaka ahy*
*tamin'ny fahadisoana mangidy rehetra.*
*Tamin'ny alalany, ry Andriamanitro, no nitiavanao ahy ;*
*Andriamanitro ô, nitia ahy Ianao !*

*Nitia ahy Ianao, ry Andriamanitro,*
*tamin'ny andro nisehoan'i Jesosy velona,*
*Nitsangana tamin'ny maty, mba ho voninahitrao.*
*Hiara-belona aminy aho, entanin'ny fandreseny.*
*Izy no anton'ny fanantenako, fifaliako mitia sy mino.*
*Ao aminy, ry Andriamanitro, no nitiavanao ahy ;*
*Andriamanitro ô, nitia ahy Ianao !*

*Hitia ahy mandrakariva Ianao. Na i Satana na izao tontolo izao*
*Dia tsy hahasakana ny fitiavanao na oviana na oviana.*
*Teo amin'ny nihabeazan'ny faharatsiana,*
*no ihoaran'ny fahasoavana be lavitra.*
*Avelao, ry Tompo, hamaly anao mandritra ny andro*
*ny foko manontolo*
*Ary ho tia Anao tsy miolakolaka aho,*
*Ianao Izay tia ahy mandrakariva.*

*F. Chavannes sy P. Junod*